TFNAC: Task Force Nationale de l'Agriculture de Conservation

Organisation des Nations Unies pour l'alimentation et l'agriculture



VOLY RAKOTRA

## Faritra maina eto Madagasikara

# Fifandimbiasam-boly mifototra amin'ny konoke



Ity torolalana ara-teknika ity dia nalaina avy amin'ny torolalana novokarin'ny GSDM, novatsian'ny AFD/MPAE ara-bola, nohamafisina tamin'ny traikefa sy ireo torolalana avy amin'ny GRET, CTAS sy ny ANAE, ary nohatsarain'ny TFNAC/FAO avy amin'ny alalan'ny famatsian'ny USAID tamin'ny fijerena manokana ny lafin'ny fiovan'ny toetrandro, ny fanjariantsakafo sy ny miralenta.
Ity torolalana ity dia mikendry manokana ny faritra maina eto Madagasikara ary notsoahina avy amin'ny traikefa hita sy azo tamin'ny faritra Androy.







**<u>Zava-misy amin'ny ankapobeny</u>**

- Mizaka ny fiovan'ny toetrandro
- Mihasimba hatrany ny tontolo iainana
- Mitsoka mafy ny tioka Atsimo
- Tsy fanjarintsakafo sy tsy fahampiana ara-tsakafo







**Tanjon'ny toro-lalana ara-teknika :**

- Hampihenana ny faharefoana amin'ny fihatraikan'ny fiovan'ny toetrandro
- Hampihenana ny tsy fanjariantsakafo
- Hiarovana ny tany amin'ny riaka sy ny tsioka atsimo
- Hanatsarana ny fahalonahan'ny tany
- Hampihenana ny fotoana lany amin'ny asa fikarakarana an-tsaha

**Tsy mifanaraka amin'ireo zava-misy ireo intsony ny fomba fambolena mahazatra amin'izao fotoana izao.**



**Fomba mahazatra :** miala sasatra maharitra ny tanimboly, mitongy voly isan-taona, tsy mitondra zezika ary tsy mamela rakotra na rokan-tany hiforona

**Olana :** kaohan'ny tsioka atsimo ny nofontany ary miha kotra haingana, ratsy ny vokatra amin'ny ankapobeny, mihamafy ny tsy fahampian-tsakafo nohon'ny haintany

**Vahaolana :** manafohy ny fotoanan'ny tapoka, mampiasa ny tapoka nohatsaraina ary mandrakotra ny tany **amin'ny alalan'ny FAMPIASANA NY KONOKE mifandimby amin'ny voly hafa**



# Fambolena ny konoke

**Tanjona :** **Mamokatra rakotra matevina sy maharitra, mandritra ny telo taona, ahazoana manatsara ny voly aorinany no sady mamokatra sakafo**



Voly maharitra 3 - 4 taona
**Mahatanty main-tany tsara**
Maharakotra ny tany manomboka ny faha 2 taonany
Tsara fitombo raha misy handrazonany
Mety amin'ny tany mainty, tany fasika (sable blanc littorral) ary tany mena fasihana (sable roux)
Voly tsy sarotony, tsy mila zezika. Haingana fitombo amin'ny tany tsara
Tsy mahantanty rano miandrona

## Fotoana fambolena

**Amoron-driaka misy ranon'ando :** volena febroary - martsa na jona – jolay
**An-tanety :** volena novambra - desambra


## Karazany tian'ny tantsaha

**Konoke Mafiry** (Volomparasy)
**Konoke Parimena boribory**

## Elanelan'ny voly

### Raha tsara ny tsiron'ny tany


Tanjona : sady mahazo vokatra no mahazo rakotra




mila 100 – 120 g / 1 ara : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

### Raha tsy tsara ny tsiron'ny tany

Tanjona : mahazo rakotra, saingy kelikely ny vokatra




mila 200 – 240 g / 1 ara : masomboly 2 isan-davaka, 2 – 3 sm ny halaliny

## Fikojakojana

Ilaina havaina ny taona 1, tsy miava intsony manomboka ny taona 2
Asiana fanafody mamono bibikely mpanimba ny voly :

- amin'ny fotoam-pitomboany raha tiana ny hahazo rakotra
- amin'ny fotoana famelanany raha tiana ny hahazo vokatra

Tsy maintsy otazana raha vao matoy, mba ahazoany mamokatra indray



## DIARIM-PAMBOLENA

| Taona voalohany | | | | | | | | | | Taona faha 2 | Taona faha 3 | Taona faha 4 |
|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|---|
| Des. | Jan. | Feb. | Mar. | Apr. | May | Jona | Jol. | Aog. | … | | | |
| Amoron-driaka misy ranon'ando | | | | | | | | | | | | |
| | | Mamboly konoke | | | | Mamboly konoke | | | | Mioty konoke | Mioty konoke | Voly anaty rakotra konoke |
| An-tanety | | | | | | | | | | | | |
| | Mamboly konoke | | | | | | | | | Mioty konoke | Mioty konoke | Voly anaty rakotra konoke |





## Famonoana ny konoke sy fanomanana ny rakotra ho an'ny voly manaraka

**Tanjona :** **Fahazoana rako-maty eo an-tanimboly**

### Ny atao

Tombohana amin'ny angady ny fototry ny konoke 5 - 10 andro alohan'ny fambolena

Volena ao anaty rakotra konoke avy eo ny voly manaraka : katsaka, apemba, bajiry…, miaraka amin'ny voly fanao rakotra (lojy, antaka, …)

### Fetra sy fitandremana

Asiana aro afo amin'ny main-tany

Ny fandavoana alohan'ny faha 20 andro ny fambolena, dia mety ho lasan'ny tsioka atsimo ny rakotra





# Ny tombontsoa mety ho azo

Mamome vokatra ao anatin'ny 3 na 4 taona mifanesy, azo ohanina maintso na maina ny voany

Mampiasa hamandoana avy amin'ny rivotra: mijanona maintso amin'ny maintany, tsy lalovan'ny afo

Mamaly ny hetaheta manokan'ny vehivavy :

- Mampihena ny fotoana sy ny hery lany amin'ny asa fikarakarana an-tsaha
- Mampihena be ny fampiasana ireo akora enti-mamokatra

In-3 mioty vokatra ao anatin'ny taona iray

Mitahiry karbona anaty tany

Miaro amin'ny fikaohan'ny riaka sy ny tsioka atsimo ny nofontany



Ampiasaina amin'ny tapoka ary mampihena ny ahidratsy

Mampitombo ireo zavamanan'aina anatin'ny tany

Mitondra azota sy sakafon'ny fambolena aorian'ny fahalovany

Mitahiry ny rano sy mampihena ny fahamainan'ny tany

**Manana tahana proteina sy vy ambony mampiavaka azy, ary misy ilay singa antsoina hoe « dopamine » izay ilain'ny fiasan'ny ati-doha.**

## Sakafo azo atao miaraka amin'ny konoke: KONOKE MIARO TSAKO



**Zavatra ilaina:**

- Konoke iray kapoaka
- Tsako voatoto iray kapoaka
- Tongolo voany roa
- Tamatesy roa
- Karaoty dimy isa
- Sira sy menaka kely



## Fikarakarana :

- Atao anaty rano mandritra ny alina ny konoke mba ialan'ireo singa mavesatra ao anatiny
- Kosehina amin'ny tanana avy eo mba ialan'ny hodiny manify
- Handroina mialoha ny tsako izay vao harotraka ny konoke , Avela hitanika maharitra mandritra ny 45 mn eo mba halemy tsara
- Somary endandasina mitokana ny fangarony rehefa avy nosasaina ary notetehina madinika
- Arotraka tsikelikely ao anatin'ny katsaka sy konoke izany ary tsy adino ny sira kely
- Avela fotoana fohy miaraka ao anaty vilany mba hahazo tsiro





**→ Sakafom-pianakaviana izy io ary tsy mila vary intsony**

Mpiara-miombona antoka :

Mpamatsy vola :